Ny SIAKY dia fanadiovana ny vava, ary fampifaliana an'ny Tompo Allah

Tatitra azo avy amin'i Aicha (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) ka nanao hoe: " Ny SIAKY dia fanadiovana ny vava, ary fampifaliana an'ny Tompo Allah ".
[Mari-pototra] [Notantarain’i Al-Nasàì sy Ahmad]

Milaza amintsika i Mpaminany (S.A.W) fa ny miborosy nify amin'ny hazo araky sy ny mitovy izany dia manadio ny vava amin'ny loto sy ny fofona ratsy. Ary izy io dia anisan’ny mahatonga ny fahafaham-pon’i Allah amin’ny mpanompo iray; satria misy ny fankatoavana an’I Allah sy ny famaliana ny didiny, ary ny fahadiovana izany no tena tian’i Allah ilay Tsitoha.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3588